# Fampidirana mpianatra
## Tsy voavahan'ny fitondrana ny olan'ny ray aman-dreny 2

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 20 Aogositra 2019 Laharana 942 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Faminaniana sy fanambarana an'izao tontolo izao (GV 145), Madagasikara 17 aogositra 2019 5

### Filoha Ravalomanana 3
# Mijoro hatrany na misy ny mpamingana



### Fahatongavan'ny Papa François 5
# Hiara-hisalahy ny CUA sy ny Prefektioran'ny Polisy



### MADAGASCAR PREMIUM OIL 7
## Mitokona ny mpiasan'ny orinasa mpanao menaka



### Filoha Ravalomanana 2
## Nandefa taratasy misokatra any amin'ny SADC

### Tanàna Vaovao 3
## Tsy hahasolo ny vary amin'ny tanimbary

### Fikambanana Manda 6
## Nanolotra fanampiana ho an'ireo sahirana...

### Daka kely
Toa nitonantonana tany amin'ny SADC ihany ialahy ry Boaikely a !

### TIM boriboritany faha 6 6
## Nikarakara hetsika didimpoitra faobe



FILOHA RAVALOMANANA

Nangonin'Isambilo

# Nandefa taratasy misokatra any amin'ny SADC

Nivory tatsy Dar-es Salaam Tanzania ny 9 ka hatramin'ny omaly 19 aogositra ny SADC, na ny vondron'ireo firenena ho amin'ny fampandrosoana ny faritra atsimon'i Afrika, fivoriambe faha-39. Manoloana izany, nandefa taratasy misokatra ho an'ireo filoham-panjakana miisa 15 ao amin' ny SADC ankoatra an'i Madagasiakara ny filoha Marc Ravalomanana, izay filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), no sady filohan'ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara:

**Ny RMDM: endrika vaovao ny fanoherana eto Madagasikara**

Natolotra tamin'ny fomba ofisialy ny zoma faha-16 Aogositra 2019 teo tao amin'ny Hotel Carlton tetsy Anosy ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara na ny RMDM. Ny fanoherana dia arovan'ny Lalàmpanorenena, ka noho izany dia vovonana ahafahan'ny mpanohitra mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny firenena izany ny RMDM. Efa voafidy ihany koa ireo birao nasionaly mandrafitra ny RMDM izay tarihiko. Araky ny efa voalazako ombieny ombieny dia arofanina ho an'ny mpitondra ankehitriny no ijoroan'ny RMDM, fa tsy rafitra entina hanonganam-panjakana akory. Eo amin'izany asa fanoherana izany dia raisinay ho tomponan'andraikitra amin' ireo fampanantenana nataony, ka tsy tanteraka sy ireo fanapahankevitra noraisiny fa tsy nahomby, na tsy mitondra soa ho an'ny vahoaka ny mpitondra. Izany rehetra izany dia atao ao anatin'ny fametrahana ny tena demokrasia sy ny fanjakana tan-dalàna. Hijoro hatrany izahay hilaza ho ren'ny vahoaka Malagasy raha toa ka tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny fitantanana ny raharaham-panjakana. Anisany tena maha sahirana ny vahoaka manerana ny Nosy ny tsy fandriampahalemana, ny fahatapahan'ny jiro tsy misy farany, ny fijalian'ny vahoaka amin' ny famatsiana rano, sns...
Tsy hitsikera fotsiny anefa izahay fa hanao ezaka ihany koa mba hanentana ny vahoaka eo amin'ny andraikitry ny antoko mpanohitra eto Madagasikara ary hitondra vaha-olàna arak'izay tandrify anay. Tsy ekenay ihany koa ny fanitsakitsahina ny Lalàmpanorenana na ny fanaovana ambadika politika amin'ny fanaovan-dalàna, ka hampiasana ny Antemierampirenena ho sehatra politika hiarovana ny tombontsoan'ireo mpitondra sy ireo mpiara-dia aminy irery. Araky ny fanadihadiana navoakan'ny fikambanana iraisam-pirenena Freedom House tamin'ny taona 2018 dia voasokajy ho isan'ny "firenena tsy mbola afaka" i Madagasikara raha nahazo isa 56/100. Anisan'ny tsaraina ao anatin'io fanadihadiana io ny zo eo amin'ny fanaovana politika. Na dia efa eken'ny Lalàmpanorenena aza ny fanoherana ary efa misy ny Lalàna faha-2011-013 tamin'ny 9 septambra 2011 momba ny fanoherana sy ny antoko mpanohitra dia misy indray ny fikasana ataon' ny mpitondra amin'izao fotoana izao mba hamerana sy hamatorana ny mpanohitra mba tsy ho afaka manao ankahalalahana ny asany amin'ny fanovana io lalàna io, izay mbola tsy nampiharina io akory. Izao fikasana izao dia midika sahady ho fanamparampahefana ka atahorana ny mety hiafara amin'ny didy jadona eto amin'ny firenena. Tsara ho marihina, ary efa fantatry ny vahoaka Malagasy manontolo, fa ireo mpitondra ireo ihany no namolavola ny Lalàmpanorenana tamin'ny taona 2010 ary koa namolavola ny Lalàna 2011-013 fony izy reo nitondra ny tetezamita tamin'izany. Mipetraka ny fanontaniana hoe tsy mety amin'izy ireo indray ve ny lalàna izay nataony sa ny olona mipetraka ho mpanohitra amin'izao fotoana izao no tsy mety aminy ka hitadiavana hevitra ny hanilihana azy? Raha izao no mitohy dia atahorana ihany koa ny hiverenan'ny fomba fitondrana jadona nandritry ny tetezamita, ka nampiasana herim-pamoretana ny vahoaka izay tsy mitovy fomba fijery tamin'ireo mpitondra tamin'izany. Tsara ihany koa ny mampahatsiahy fa nilaza ny filoha ankehitriny nandritry ny "débats" na ny adi-hevitra natao tamin' ny fifidianana ho filoha farany teo, fa hamela malalaka ahy hitarika ny mpanohitra raha izy no lany eo. Ankehitriny efa filoha izy ka tokony hitazona ny teny nomeny raha toa ka tena demokraty tokoa. Izao fikasana hanova lalàna izao araky ny efa voalazako dia efa mariky ny tsy fanajàna ny fanjakana tandalàna mihintsy. Noho izany dia manao antso avo amin'ny mpitondra izahay mba hametraka ny demokrasia, hanaja ny tany tan-dalàna ka hampihàtra avy hatrany ny Lalàna faha-2011-013 tsy misy fanovana, ary koa hamoaka haingana ny didy fampiharana io lalàna io. Manao antso avo ihany koa izahay mba hamelana malalaka ny mpanohitra hanao ny asa fanoherana tsy misy teritery izay arovan'ny Lalàmpanorenana. Farany dia miantso ny fikambanambe iraisam-pirenena izahay mba hanampy hatrany an'i Madagasikara amin'ny fametrahana ny tena demokrasia sy ny tany tandalàna ka samy handray ny andraikiny daholo ny hery velona eto amin'ny firenena.

**Antananarivo, faha-16 Aogositra 2019**

***Marc RAVALOMANANA***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fampidirana mpianatra

# Tsy voavahan'ny fitondrana ny olan'ny ray aman-dreny

Ao anaty fotoan-tsarotra sy olana manahirana ireo ray aman-dreny mampiana-janaka amin'izao fotoana izao. Voakasika izany avokoa na ireo mampiana-janaka amin'ny sekolim-panjakana, na ireo miahy tena. Tsy inona izany fa ny fandoavam-bola mialoha ho amin'ny fisoratana anarana raha mbola hianatra ao amin'ilay sekoly ihany amin'ny taompianarana vaovao. Ny any amin'ny tsy miankina dia efa tsy hay lazaina intsony ny fanerena an-kolaka ny ray aman-dreny mba handoa ny vola mialoha ho amin'izany sy ireo pitsompitsony samihafa takian'ny sekoly hiatrehana ny fotoam-pidirana. Etsy ankilan'izany ihany koa anefa dia mandoa vola ny any amin'ny sekolim-panjakana ary tsy vola kely izay aloa any amin'ny banky. Eo indrindra no olana ho an'ireo ray aman-dreny satria tsy nisy fotoana firy akory nahafahana naka bahana amin' izany, fa iaraha-mahita tsara ny hateren'ny fotoam-pialantsasatra tamin'izao taom-pianarana tsy mbola mifarana izao. Tsy nahazo fialan-tsasatra firy ny mpianatra rehefa avy nianatra 11 volana be izao, izay tsy ara-pedagojika; ny ray aman-dreny koa sahirana tanteraka satria raha mbola mianatra ny ankizy dia midika vola mivoaka hatrany izany, hany ka tsy afaka manangonangona kely izay mba azo atao. Ka amin'izao fotoana izao dia sahirantsaina tanteraka ireo ray aman-dreny ho amin'ny fitadiavana vola hahafahana mampiditra an-tsekoly ny zanaka tsy hisy olana.
Manoloana izany, ny fitondrana dia tsy nahenoina mihitsy izay vahaolana ho fanohanana ireo ray aman-dreny rehetra mampiana-janaka eto amin'ny firenena. Miseho ho mahalala ny manjo ny vahoaka izy kanefa tsy hita izay vahaolana. Ny fampanantenana sy tetik'asa na tanjona anefa mipoapoaka ery natao. Nisehoana fa hilamina ny fianaran'ny zaza Malagasy ary hahavita ny fianarany izy ireo. Efa fahasahiranana anefa ny fitadiavana vola ao anaty fepotoana voafetra sy haterina haloa any amin'ny banky. Tsy hisy na iray aza hilaza amin'ireo ray aman-dreny na ireo mandoa vola eny amin'ny banky momba ny fampidirana mpianatra, fa hahafinaritra ny manao izany ary milamina tokoa izy ireo. Mazava loatra fa olana izany ary tsy voavahan'ny fitondrana ankehitriny izay miseho ho babany amin'ny fahaiza-mitondra firenena miohatra amin' ireo teo alohany. Ho marina hatrany araka izany ilay fiteny hoe "ny tranom-pody no vitan'ny vava".

***Sôh'son***

Lapa Maitso Anosikely

# Hihaona amin'ireo senateran'i Madagasikara anio ny Praiministra



*Ny fivoriana tetsy amin'ny Antenimierandoholona Anosikely.*

Hihaona amin'ireo senateran'i Madagasikara etsy amin'ny Lapa Maitso Anosikely anio ny Praiministra Ntsay Christian sy ny governemanta, amin'izany no hanehoany amin'ireo mpikambana amin'ity andrimpanjakana ity ny fandaharanasa ankapoben'ny fitondram-panjakana. Mikasika ny fandaharampotoanan'ny fivoriana ao amin'ity andrimpanjakana ity, lany ny herinandro lasa teo izany, nandritra ny fivoriana azon'ny besinimana natrehana. Ny Alarobia 14 Aogositra 2019 teo, ka tsy hifarana raha tsy ny Zoma 23 Aogositra 2019 ny fivoriana tsy ara-potoana atrehan'ny ao amin'ity andrimpanjakana ity koa. Araka ny voalaza teo, hisy ny fampahafantaran'ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta NTSAY Christian ny politika ankapoben'ny fitondram-panjakana izay hotanterahina anio Talata 20 Aogositra 2019 amin'ny 10 ora maraina. Rahampitso alarobia 21 Aogositra 2019 kosa dia hisy ny fakankevitra amin'ireo Antoko politika mpanohitra sy amin'ireo Fiaraha-monim-pirenena momba ilay tolo- dalàna mikasika ny lalàna mifehy ny antoko mpanohitra. Ny Zoma 23 Aogositra 2019 amin'ny 2 ora hariva no fotoana handaniana izany tolodalàna izany. Ny famaranana ity fivoriana tsy ara-potoana ity dia ny Zoma 23 Aogositra 2019 amin'ny 5 ora hariva. Ny fivoriana dia teo ambany fitarihan'ny Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona Amido, notronin'ireo Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy ireo Loholon'i Madagasikara.

***Nangonin'Isambilo***

Depiote Rodin Arivonimamo

# Ho potika ny tanimbary eny Ambohitrimanjaka noho ny tetikasa Tanamasoandro



*Ny Solombavam-bahoaka Rodin voafidy tany amin'ny Distrikan'Arivonimamo.*

Fanotofana tanimbary aman'analiny Hektara eny Ambohitrimanjaka distrikan'Ambohidratrimo, hoentina hametrahana an'ilay tetikasa Tanamasoandro no vahaolana ho an'ny fitondram-panjaka-na hoentina hanatanterahana ny fandaharan'asan' ny Filohampirenena. Manoloana izay, nilaza ny Solombavambahoaka Rodin Rakotomanjato voafidy tany amin'ny Distrikan'Arivonimamo, fa fahadisoana lehibe ny fanim- bana ny tanimbary toy izao satria i Betsimitatatra dia mamokatra vary no sady mamatsy ny vahoaka mandritra ny fotoana maitso ahitra. Tsy azo ekena hoy ity Solombavambahoaka ity ny fivarotana ny tany Malagasy amin'ny fanatanterahana ny tetikasa Tanamasoandro satria fivarotana tanindrazana izany. Efa nanomboka tamin'ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina ny fikasana ny hivarotra tany, kanefa nolavin'ny Solombavambahoaka izany volavolan-dalàna izany hoy ny Solombavambahoaka Rodin. Raha tena mitsinjo ny fahoriambahoaka ny fitondram-panjakana dia tokony hanorina tanàna vaovao eny an-tendrombohitra na mitady toerana malalaka hafa fa tsy ny tanimbary izay iankinan'ny fiainan'ny olona no totofana hoy ihany ity depiote ity.

***Franck Razakambelo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Mpitondra sy vahoaka : toy ny saobakaka miaraka aman-tsahona, ka ny lehibe no adala

Efa mampiteny moana mihitsy, efa nanomboka elaela ihany izao ny fitohanan'ny fiara eto an-drenivohitra. Maro no mety ho antony fa ny hita sy fantatra dia misy ny fanamboaran-dàlana eny amin'ny làlampirenena fahaefatra sy faharoa kanefa dia ny làlana mivoaka ny Renivohitra rehetra dia mitohana avokoa ka ora vitsivitsy vao tafavoaka na tafiditra eto Antananarivo. Miteraka fimenomenonana izany. Rehefa tafiditra indray dia tsy misy làlana andehanana ny mpandeha an-tongotra fa na feno fiara miantsona ny trôtoara na feno mpivarotra ka dia voatery midina eny amin'ny arabe ny olona, ary manampy trotraka ny mpivarotra ao anaty arabe sasany. Miteraka fitohanana ihany koa ireo toe-javatra ireo. Sahirana ny eo anivon'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo satria rehefa enjehina ireny mpivarotra tsy manara-dalàna ireny dia lazaina fa tsy avela hitady izay mba harapany ny vahaoka madinika. Avela hanao izay danin'ny kibony ireto farany dia enjehin'ny mpandeha an-tongotra sy mpitondra fiara fa tsy mandray andraikitra ny Ben'ny tanàna, ka tokony ho soloina. Mifampiankina daholo anefa ny hetsika rehetra satria raha tsy misy mividy ny entana amidy eny amoron-dàlana dia hifindra ho azy izy ireo. Raha tsy misy fiara miantsona eny amin'ny trôtoara dia tsy hidina eny amin'ny arabe ny mpivarotra sy ny mpandeha an-tongotra. Midika izany fa miankina amin'ny toetsain'ny tsirairay ny mety hampivoatra ny toe-javatra ho amin'ny tsaratsara kokoa. Sarotra ny mampihàtra ny lalàna eto amin'ity firenena ity satria any amin'ny firenena mandroso dia tsy misy olona mifamoivoy eny an-dàlana amin'ny ora fiasana sy fianarana, ka mandray andraikitra ny mpitandro ny filaminana raha vao misy ankizy tokony ho any am-pianarana kanefa hita eny an-dàlambe dia samborina avy hatarany. Ny azo lazaina dia taratry ny fahantrana avokoa ireo tranga rehetra ireo.

Tsy mandry fahalemana ny tany amin'izao fotoana izao. Tsy misy asa fampihorohoroana anefa. Tsy misy ady an-trano koa kanefa dia mandry tsy lavo loha ny vahaoka, tsy an-tanàn-dehibe, tsy ambanivohitra, tsy an-dàlambe tsy an-trano, tsy andro tsy alina, ka ny hany sisa azo atao dia "ody basin'alika ka ny aza voany ihany". Tsy ampy, angamba, ny mpitandro ny filaminana ka tsy hahahenika ny toerana rehetra, ka ny mety ho fanafodiny dia samy mianatra hay ady ny rehetra kanefa tsy misy ny enti-manana sy ny fotoana hanaovana izany satria ny hanin-kohanina aza manahirana ary ny fitadiavana mahazaka maniraka.

Iray volana dia ho tapitra ny delestazy hoy ny filohan'ny Repoblika IV, andiany voalohany, Rajaonarimampianina Hery, satria nanana ny hery vaovao ho an'i Madagasikara izy. Tapitra ihany ny dimy taona fa tsy foana izany. Efa ho valo volana izao no nitondran'ny filohan'ny Repoblika IV, andiany faharoa, Rajoelina Andry Nirina, ka nanambara izy rehefa lany fa ho haingana ny fampandrosoana satria izay tsy vitan'ny mpitondra rehetra teo aloha tao anatin'ny valo ambidimampolo taona dia ho vitaina ao anatin'ny dimy taona. Nentanina ny mpandraharaha any ivelany hamatsy vola na hirotsaka an-tsehatra amin'ny "angovo azo havaozina" mba hanafoanana ny delestazy. Vao mainka anefa mitombo izany ka misy tsy mahazo famatsiana herinaratra ao anatin'ny ora maro manerana ny Firenena. Tsy misy solika, hono, ho an'ny milina mpamokatra herinaratra any amin'ny tanàna sasany ary noho ny antony teknika ho an'ny hafa. Manampy trotraka indray ankehitriny ny fahatapahan'ny rano. Tsy ampy intsony, hono, ny rano ao Mandroseza satria ao anatin'ny vanim-potoana maintany izao. Mitroatra ny mponina amin'ny faritra maromaro eto an-drenivohitra, ka ny any sisa azo atao dia ny mandefa, miaraka amin'ny hafainganam-pandehany araka ny maha tanora azy, "camion citernes" hamatsiana rano ny mponina. Rehefa natao, angamba, ny fanadihadiana sy ny famakafakana dia ny tale jeneralin'ny Jirama mihitsy no tsy mahavita ny asany ka ny vahaolana dia ny fanesorana azy tamin'ny toerany. Hafainganam-pandeha miverin-dàlana no iainana amin'ireto toe-javatra roa ireto.

Mifandriranira ny mpitondra sy ny mpanohitra amin' izao fotoana izao. Iaraha- mahalala ny voarakitra ao anaty Lalàmpanorenana sy ny Làlana 2011-013 momba ny "mpanohitra". Tsy nampiharina akory ity lalàna farany ity dia efa ketrehina ny hanovàna azy amin'izao fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao. Mivondrona ny mpanohitra misy antoko politika iraikambiroapolo ka nanangana ny "Rodoben'ny mpanohitra… " ka nifidy ny filohan'ny Antoko Tiko i Mdagasikara (TIM) ho filohan'ny mpanohitra. Hisavorovoro indray izany ny sehatra politika ato ho ato ka "izay mahery, hono, voanjo manta, fa izay osa tanalahy". Raha ny hevitry ny maro an'isa dia tahotra an-dRavalomanana Marc no antony mampikoropaka ny mpitondra hikitika io lalàna io satria rehefa samy nahita fa izy no manana ny maro an'isa ao amin'ny Antenimierampirenena, ary nahazo vato betsaka tamin'ny fifidianana farany dia lojika ny maha filohan'ny mpanohitra azy. Manao dia miverina haingana dia haingana sady mandrava efa izao fitondrana izao, ka tsy misy azo antenaina aminy, satria ny mandrava sy mamotika ary mampiesona ny vahoaka aloha hatramin'izao no atao-ny sady mivoaka sy miditra toy ny akoho mantsina atody.

***Andry Tsiavalona***

FILOHA MARC RAVALOMANANA

# Mijoro hatrany na misy ny mpamingana

Tokony efa ho lasa alavitra i Madagasikara raha tsy nisy ny fanonganam-panjakàna ny taona 2009 notarihin'i Andry Rajoelina, ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra tamin'ny fotoan'androny. Izay no tsy takatry ny sain'ny sasany, ka namoronana hevi-dratsy haminganana ny filoha Marc Ravalomanana tamin'ny alalan'ny famafazana lainga marivo tototra tamin'ny haino amanjerin'ny ben'ny tanàna tamin'izany hampirodana ny fitondràna nisy. Ady sarotra no nolalovan'ny filoha Marc Ravalomanana sy ny fianakaviany taorian'io fanonganam-panjakàna io satria efa saika namoizany ny aina mihintsy izany . Isika moa tsy misy mahalala izay nivoahany teto Madagasikara fa ny azo sary an-tsaina fotsiny raha nahita ireo miaramila nirongo basy maro vava sy mahery vaika teny Mavoloha ny 17 martsa 2009 dia tena tsy takatry ny saina ny vokany raha tsy tafatsoaka nanavotra ny ainy izy mianakavy kely. Ny fananana nohariana nandritra ny fahatanoràna kila sy hotohoto tao anatin'ny indray mipimaso vokatry ny sotasota ara-politika sy fialonana. Nanomboka teo, natao haza lambo nampidirina am-ponja ireo nafana fo tamin'ny tolona ho famerenana an'i Dada teto antanindrazana hatramin'ireo mpanao gazety, mpanao politika , mpitondra fivavahana , ary nisy mihintsy ny aina nafoy tamin'izany. Maro ny zavatra mafy natrehin'ny filoha Marc Ravalomanana, nefa tsy nampihontsona azy izany satria nahery vaika tao anatiny loatra ilay fitiavany ny tanindrazana , ka na nitondràny ny mafaitra aza ny hiverenany teto an-tanindrazana dia tsy nahoana izany fa tonga soa amantsara teto izy na dia nolazaina aza fa antsokosoko ny nidirany teto. Ankehitriny, mijoro hatrany i Marc Ravalomanana na maro aza ny sedra natrehiny, ka nahafahany nitondra avo ny fanevan'ny antoko Tiako i Madagasikara ho tonga amin'ny sehatra ambony . Na nohezahan'ny sasany ho vonoina tsy ho hitan'ny tantara intsony izany TIM izany dia ity antoko ity ankehitriny no anisan'ny antoko lehibe manana ny toerany eto Madagasikara. Raha tsy nisy halabato be vata dia voalohany teto amin'ny firenena ity antoko natsangan'ny filoha Marc Ravalomanana ity. Ka na inona na inona hambara, na nohezahana nototofana aza ny filoha Ravalomanana Marc dia tsy navelan'ny soa tsy hamiratra izy . Porofon'izany , izy no nofidian'ny maro an'isa hitarika ny fanoherana eto Madagasikara izay tokony tsy hisy adihevitra intsony ny fampiharana izany. Fampanjakàna ny demokrasia no tokony hatao , ka tsy hita izay tokony hatahoran'ny fitondràna ankehitriny izany . Ity farany ihany no nametraka ny lalànan'ny mpanohitra teto Madagasikara ny taona 2011 ; koa miandry ny fanatanterahana azy ny rehetra. Ny vavan'ny filoha Rajoelina Andry mihintsy no nilaza ampahibemaso teo anoloan'ny vahoaka 22 tapitrisa manerana an'i Madagasikara tao amin'ny onjampeom-pirenena TVM sy RNM , fa ataony lehiben'ny mpanohitra ny filoha Marc Ravalomanana ; koa aoka mba hitazona ny teny nomena fa tsy hanao hevitra mitorona na miverina eo indray.

***Helisoa***

Pr Harimalala Joseph

# Tsy hahasolo ny vary amin'ny tanimbary ny Tanàna Vaovao

Mahalasa saina ny maro ny trangan-javatra miseho eto Madagasikara fa tena mihamitontongana ny fiainan-dramalagasy ankehitriny. Ireo sahirana dia efa zara raha ahita izay harapaka sai-ngy toa odian'ny fanjakana tsy hita ihany izany sosialim-bahoaka izany dia mbola sahin'izy ireo ny miteny, fa mandeha ny IEM amin'izao fotoa-na. Ho an'ny mpandinika, i Pr Harimalala Joseph dia ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Mpitoriteny 1 :9 no hanokafany ny fanehoan-keviny izay milaza manao hoe : « Izay efa teo ihany no ho tonga indray, ary izay efa natao ihany no mbola hatao indray, fa tsy misy zava-baovao akory ety ambanin'ny masoandro ». Araka io tenin'Andriamanitra io hoy izy dia mampahatsiahy ny fomba nitantanan-dRajoelina ny fitondrana tetezamita taorian'ny fanonganam-panjakana ihany no tsikaritra amin'izao fitantanany izao, na dia efa hambara ho voafidim-bahoaka aza izy. Nilaza mantsy ny filoha tamin' ny fampielezan-kevitra fa hatao ho laharam-pahamehana ny fampiro- boroboana ny fambolem-bary ary isika indray no hanondrana any ivelany afaka 5 taona, kanefa hatreto dia tsy izany no zava-miseho fa ny fanotofana tanimbary indray aza no mahamaika azy izao, raha tsy hilaza ny eny amin'ny lemak'Ambohitrimanjaka isika, izay nambara fa hanorenana fotodrafitrasa hiarahana amin' ny sinoa izany ary dia ho tanimbary an'arivony hektara no hototofana amin'izany. Mampametram-panontaniana ny maro mantsy dia izany tanàna vaovao izany ve no maika amin'ny vahoaka, sa ny hanina hohanina ? sa azo hanina mahasolo ny vary amin'ireo tanimbary ireo ny Tanàna Vaovao? Ary iza ihany koa no hisitraka izany tanàna vaovao izany ? Hoy indrin- dra mantsy ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Eksodosy 22: 21-23 ma-nao hoe: "Aza mampahory ny mpitondra-tena sy ny kamboty akory hianareo. Fa raha mampahory azy na amin'inona na amin'inona hianao, ka mitaraina amiko izy, dia hihaino ny fitarainany tokoa aho, ka hirehitra ny fahatezerako, ary hamono anareo amin'ny sabatra Aho, dia mba ho mpitondratena ny vadinareo, ary ho kamboty kosa ny zanakareo". Etsy andaniny dia mahalasa saina ny namerenana an-dRamatoa filohan'ny Antenimierampirenena hitantana io andrim-panjakana io, izay toa manamarina ny tenin'ny fahamarinana etsy ambony io, satria toa karazana sarimihetsika tamin'ny tetezamita ihany ity miverina ity, satria dia ireo nolazaina tany aloha fa kandidàm-panjakana no lasa maro an'isa eny amin'ny Antenimierampirenena io, izay hiomana fatratra amin'ny zarazao hanjakana ve? Aoka ho fantatsika rehetra anefa fa ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Salamo 24: 1 dia milaza manao hoe: "An'i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy. Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy". No-ho izany indrindra , koa satria tsy natao ho mpitondra sy ny zanaka Ma-par sy ny IRD ihany i Madagasikara, fa an'Andria- manitra dia miangavy anareo ireo aho hoy ity mpandinika ity, fa aza lavinao ny teny navoakan'ny vavanao tamin'ny filoha Marc Ravalomanana tao amin'ny TVM, fa ho ekenao ho lehiben' ny mpanohitra izy, mba hahafahanareo miara-mampandroso an'i Madagasikara satria aza adino fa marina anie ny teniny hoe : "miasa miaraka no fahombiazana" e! Aza adinoina ihany koa anefa fa misy dika avokoa izao trangan-javatra asehon'Andriamanitra eto Madagasikara izao, izay efa karazana lakolosy fanairana ho anareo ireo, raha tsy hilaza io olana amin'ny rano sy ny jiro ao an-drenivohitra io, izay mikasika ny ain-dehiben'ny maro an'isa izany. Koa aza variana amin'ny zavatra hisehosehoana re Andriamatoa filoha, sy toa lany andro amin'ny fanenjehana an'Andriamatoa Marc Ravalomanana fotsiny, fa ataovy izay tokony hatao, ary tsy misy maharatsy ny mifanatona sy mifampiresaka re tompoko raha tena te hijery ny maro an'isa tokoa ianareo, satria raha izao no mitohy dia ho romotra ny vahoaka, ka hijaly toa an'i Farao mpanjakan'i Egypta hianareo, araka ny voa- soratra ao amin'ny Ezezkiela 32: 2-4 manao hoe: "Ry zanak'olona, manaova hira fahaleovana amin'i Farao mpanjakan'i Egypta ka ataovy aminy hoe: nanao ny tenanao toy ny liona tanora tamin'ny firenena hianao, kanjo tahaka ny dragona ao anatin'ny ranobe, ary nitsoriaka teny amin'ny oninao hianao dia nanakobakobana ny rano tamin'ny tongotrao, ka nahaloto ny ony. Izao no lazain'i Jehovah tompo: ny firenena betsaka ho tafatambatra no ho entiko mamelatra ny haratoko aminao ary hakarin' ireny amin'ny haratoko hianao dia hatsipiko eny an-tanety hianao ary hariako any an-tsaha, dia hampitangoroniko eo aminao ny voro-manidina rehetra ary homeko hivokisan'ny bibidia rehetra ny tenanao". Koa araka io tenin'Andriamanitra io dia aoka hianareo mpitondra handinika satria mitady olona hitondra ity firenena ity Andriamanitra, izay olona mifanaraka amin'ny ham- baran'ny Salamo 24: 3- 5 manao hoe: "Iza no hiakatra any an-tendrombohitr'i Jehovah? Ary iza no hitoetra ao amin'ny fitoerany masina? Izay ma- dio tànana sy mahintsy fo, izay tsy mandratra ny fanahiny ho amin'ny lainga, na mianiana hamitaka. Handray fitahiana avy amin'i Jehovah izy, ary fahamarinana avy amin'Andriamanitra ny famonjena!". Ambava homana tompoko ry mpitondra isany!

***Lezama***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny didim-poitra maimaim-poana faobe nataon'ny antoko TIM tao amin'ny Lycée Les Rossignols Ambohimanarina









## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy haricots verts** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana izay tiana miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoralin'ny tsy fahitan-tory



Fanafody natoralin'ny tsy fahitan-tory indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Maro ny antony mahatonga ny olona iray tsy mety mahita tory amin'ny alina. Na matory kely fotsiny dia tapaka . Ao ny stress, fanaintainna, faharatsian-tsakafo, mety mavesatra loatra ny sakafo nohanina, ka sarotra ny nandevona azy. Sakafo be menaka, siramamy, fibre, Caféïne be loatra, depression, ... Ity misy fomba tsotra ahafahanao mahita tory:

-Voaso ny akondro masaka iray,
-Ampangotraho anaty rano iray litatra na antsasany, mandritry ny 10 minitra.
-Tatavano avy eo. Ilay rano no sotroy, tsy laniana daholo izay rano izay, azonao asiana cannelle kely. (Fa ny vehivavy bevohoka sy mampinono tsy mihinana cannelle).
-Sotroina adiny iray alohan'ny atory. Azo hamamiana kely.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Morombe any amin'ny faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Morombe any amin'ny faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Morombe. Tanàna amoron-dranomasina izy, izay no maha-iva toerana azy, 5 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. 80 km miala ny tanànan'i Morombe no ahitana ny alan'Ampanonga, ahitana baobab an-jatony, anisan'izany ny reniala, na Adansonia grandidieri, hazo mety hahatratra 40 m ny haavony ary 3 m ny savaivony. Manana seranam-piaramanidina i Morombe. Anisan'ny vokatra fanondrana tena mampalaza azy ny kabaro, vokatra any koa anefa ny vary sy ny haninkotrana isan-karazany.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 145), Madagasikara 17 aogositra 2019

***Asan' ny Apostoly 17: 22-23 "Ary Paoly nitsangana teo afovoan'i Areopago ka nanao hoe: Ry lehilahy Ateniana, hitako fa amin'ny zavatra rehetra dia fatra-pivavaka amin'ny andriamanitrareo indrindra hianareo. Fa raha nandeha aho ka nandinika izay zavatra ivavahanareo, dia nahita alitara anankiray misy izao soratra izao: HO AN'IZAY ANDRIAMANITRA TSY FANTATRA. Koa izay ivavahanareo, kanefa tsy fantatrareo, dia izany no toriko aminareo"***

Hoy AHO JEHOVAH taminareo tetsy aloha: etsy ange ambarako aminareo izay tokony ho fantatrareo ny AMIKO e! N' iza n' iza izy mpivavaka, atao hoe mivavaka dia mivavaka AMIKO JEHOVAH izy izay. **Jaona 4: 24** IZAHO JEHOVAH dia Fanahy; ary izay mivavaka AMIKO tsy maintsy mivavaka amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana.Tsy hahita ny tavako na oviana na oviana hianareo fa tsy maintsy mino kosa fa misy AHO. **Asan' ny Apostoly 17: 24-29**. Tiako ho fantatrareo olona ambany masoandro fa IZAHO dia IZAHO irery ihany no MPAMORONA, **Isaia 45: 18-19**. Tsy mivavaka amin' ny vato aman-kazo hianareo, tsy mametraka ny fiainanareo amin' izay lohasaha, tendrombohitra sy havoana ary renirano eny amin' izay mety ho asan' ny tanako fa diso fa "AMIKO, JEHOVAH no ANARAKO". Hoy AHO taminareo: manana lamina IZAHAY ary tokony "HARAHINA" ary azo TENTERAHINA tsara. Fantatro fa misafotofoto ny VAVAKA ataonareo. Ao ny tsy te-hanonona akory ny ANARAKO ka dia sahy manova izany, fa maninona kay? Kanefa anie ny tonom- bavakareo tokony hiantefa AMIKO e! **Isaia 46: 5**. Toy izao no HAFATRO e! ary tokony tsy ovaina na soloina aza amboamboarina koa e! **Isaia 46: 9-10** "Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa; Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy tahaka Ahy, Izay manambara ny farany hatramin'ny voalohany, ary nanambara hatramin'ny ela izay tsy mbola natao akory, dia ilay manao hoe: Ho tò ny fikasako, ary hefaiko ny sitrapoko rehetra." Na hiodina aiza hianareo na hitady an' iza tsy misy afa-tsy IZAHO no JEHOVAH . Miantsoa anarana hafa ange hianareo raha hisy hamonjy sy hamaly anareo e! fa indro ny ezaka ataonareo ihany no ho hitanareo fa izay avy AMIKO dia miafina aminareo ka dia sarotra ny mahita AHY, ny fiafarany? Teraka aminareo ny tsy finoana. Raha manomboka vavaka ary hianao dia antsoy ny ANARAKO. Toy izao no ataonao araky ny toerako sy ny voninahitro, ny Fanjakako, ny Heriko, ny Fahalehibiazako, ny Fanomezako Masina, Marina, ny fitiavako, ny fahagagana vitako, ny famonjeko, ny famoronana nataoko. Azonao tononina tsara ny toko sy andininy mifandraika amin' ireo voalaza rehetra ireo ao anaty vavaka. Ny toerako? Aty an-danitra avo ambony manerinerina, **Isaia 6: 1** "Tamin'ny taona nahafatesan'i Ozia mpanjaka no nahitako ny Tompo nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana avo sady manerinerina, ary ny ebaneban'akanjony nahafeno ny tempoly." IZAHO mipetraka eo amin' ny seza fiandrianana avo sady manerinerina, **Isaia 42: 8** Manambara ny Voninahitro izay tsy omeko ny hafa. **Lioka 17: 2**0 Tsy mba misehoseho ny Fanjakako fa ao anatinareo. **Deoteronomia 3: 24** "Jehovah Tompo ô, Hianao vao naneho tamin'ny mpanomponao ny fahalehibiazanao sy ny tananao mahery; fa aiza no misy andriamanitra, na any an-danitra na atỳ antany, izay mahay manao araka ny asanao sy ny herinao?" **Efesiana 2: 8** "Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy AMIKO JEHOVAH". **Jaona 3: 16**. Ny nanomezako an' i JESOSY ho fiainana mandrakizay. Izany hoe azonareo tsongaina toy izany kanefa hianao koa afaka miteny sy milaza arak' izay fahitanao AHY sy fahalalanao AHY hoe IZA tokoa moa AHO; Averiko aminareo foana izao manao hoe: misy lamina avy AMINAY. Rehefa nofaranana ny SORONA sy ny LALÀNA miaraka aminy dia nalefa teo aminareo indray JESOSY ho FANEKENA VAOVAO. Nanomboka teo dia IZY no nampianatra ny amin' ny FANJAKAKO satria tsy nino ny olona sady nanohitra AHY ka samy nandeha tamin' ny sitrapony. Fantaro avokoa iza IZY? Mpanjaka, Mpampianatra, Mpamindrafo, Mpamela heloka, Mpihaino vavaka, Mpanasitrana, Mpanangana ny maty, Mpamonjy, Mpanavotra, Mpanao fahagagana, Mpitsara ny velona sy ny maty, mbola ho avy indray, tsy mamela irery, nanome ny FANAHY MASINA, tsy manavakavaka, sns...Ireo rehetra ireo dia azonao tononina avokoa fa izany no asany. Marina koa IZY, MASINA sady manana ny Fiandrianany, tsy miangatra, nifidy anareo IZY, manome fiadanana. Izay mandray sy mino AZY dia manao ny sitrapony ka mitory sy manambara AZY. Miantso izay manana enta-mavesatra sy ory ary mijaly. Santionany ihany ireo fa marobe ny asany sy ny hafatra napetrany, toy ny hoe: ataovy Batisa amin' ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina ny olona. Andraso hoy IZY ny ondry, **Matio 10: 8** "Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana hianareo, koa manomeza maimaimpoana." Rehefa maty IZY ka nitsangana tamin' ny maty dia nampionona sy mpianatra IZY talohan' izany, **Jaona 14: 6**. "IZAHO no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afatsy amin'ny alalako." io ilay voalazako manao hoe mandalo ao amin' i JESOSY ny tonom-bavakareo vao tonga aty AMIKO ka aoka tsy ho dinganina IZY. **Jaona 14: 18-20** "Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankatỳ aminareo Aho. Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao; fa hianareo no hahita Ahy; satria velona Aho, dia ho velona koa hianareo. Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Raiko, ary hianareo ato Amiko, ary Izaho ao aminareo." Ka na dia niala teo aminareo aza IZY dia ny FANAHY MASINA no napetrany hiara-miasa aminareo. Jereo tsara ity soratra ity, **Jaona 14: 26-27** "fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin' ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo. Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo." Rehefa niakatra aty JESOSY fa vita ny asany teo aminareo mandra-piveriny indray dia ny FANAHY MASINA no manao ny ASA rehetra.

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY
**Telephone** : 033 12 461 43
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page
**Radio**:
- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Ary amin'izany andro izany ny Tompo dia mbola haninjitra ny tànany fanindroany hanavotra ny olony, izay mbola sisa, avy any Syria sy Egypta sy Patrosa sy Etiopia sy Elama sy Sinara sy Hamata ary ny avy any amin'ny moron-dranomasina.*
***Isaia 11:11***

BORIBORITANY I (CUA)

# Nanao fanadiovana faobe fanao isankerinandro ny zoma sy sabotsy teo

Miezaka hatrany ny ekipan'ny Boriboritany Voalohany amin'ny fanadiovana ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, porofon'izany ny fisian'ny fanadiovana faobe izay ataon'izy ireo isaky ny Alatsinainy, Zoma sy Sabotsy, ankoatra ny asa fanadiovana izay efa fanaon'izy ireo amin'ny andavanandro. Na dia eo aza anefa izany ezaka izany dia mbola hita hatrany fa maloto sy maimbo ny tanàna satria ny ankamaroan'ireo mponina dia mbola manary ny fakony etsy sy eroa, ireo mpatory an-dalana ihany koa etsy andaniny dia manao ny ataony amin'ny fanaovana maloto manerana ny tanàna, ka miteraka fahasorenana ho an'ny hafa izany. Koa manentana ny be sy ny maro ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), mba samy ho saro-piaro amin'izany fahadiovan'ny tanàna izany sy hahatsiaro ho tompon'andraikitra, ka sahy hifampiteny sy hifanoro raha mahita olona manao ny tsy mety. Ankoatra ny fanentanana ny be sy ny maro dia efa miezaka ny manazatra ny tsirairay sy mampiseho modely ihany koa ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ny alalan'ny fikarakarana fanadiovana faobe, toy izao notanterahina teo Analakely sy ny manodidina izao tamin'ny andron'ny zoma sy ny sabotsy teo, izay nifandrombonan'ireo ekipa mpanadio avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany sy ireo ekipan'ny mpamonjy voina izay nanadio tamin'ny alalan'ny rano. Raha araka ny voalazan'ny tompon'andraikitra arateknika avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, RAKOTONIRINA Maminiaina dia tena mafy ny asa fanadiovana tanàna eto an-dRenivohitra satria betsaka hoy izy ny mpan- doto kanefa vitsy ny mpanadio, tsy sasatra ireo mpiasan'ny kaominina manadio sy mandroaka ireo maloto izay avelan'ireo mponina. Kanefa na dia izany aza tsy kivy izy ireo fa miezaka hatrany mba ho tombontsoan'ny mponina eto Antananarivo Renivohitra.


*Ny fanadiovana faobe tetsy Analakely sy ny manodidina nataon'ny Boriboritany voalohany.*

***Stefa***

Boriboritany faha-5 (CUA)

# Namory ireo tompon'andraikitry ny fokontany 27 ny delege sy ny lehiben'ny distrika

Nanatanteraka fivoriana narahina fanofanana ireo tompon'andraikitra miisa efatra avy, avy amin'ireo fokontany ao anivon'ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny herinandro teo, tao amin'ny efitrano fisoratam-panambadiana eny Ambatomainty. Ireo tompon'andraikitry ny fokontany nahitana ny Lehiben'ny fokontany, ny Lefiny, ny Sekretera ary ny Mpitan-tsoratra ao anatin'ny fokontany miisa 27 no nantsoina nandritra ity fivoriana ity. Nitarika izany ny delegen'ny Boriboritany, RAKOTO Emmanuel Richard sy ny Lefiny, ny Lehiben'ny Distrikan'ny boriboritany fahadimy, ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Sampan-draharaha misahana ny lalàna, na ny Direction des Affaires Juridiques (DAJ) eo anivon'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo.
Nandritra izany dia nisy ny fampahafantarana ireo anjara andraikitr'ireo tompon'andraikitra tsirairay eny anivon'ny fokontany, ny fandaminana sy fandrindrana ny asa eo anivon'ny kaominina sy ny fokontany ary ireo fahefan'ny fokontany araka ny lalàna. Santatra ihany izao hetsika izao fa mbola hitohy, ho fanatsaràna ny tolotra omena ny vahoaka eny ifotony.

***Aly***

Fahatongavan'ny Papa François

# Hiara-hisalahy amin'ny fandaminana sy ny fanatsarana an'Antananarivo ny CUA sy ny Prefektioran'ny Polisy

Mitohy hatrany ny fanadiovana sy ny fandrindràna ny tanànan'Antananarivo Renivohitra tarihin'ny eo anivon'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), ao anatin'izany koa ny fiomanana amin'ny fahatongavan'ny Papa François eto Madagasikara ny 6 ka hatramin'ny 10 septambra ho avy izao. Ka ny eo anivon'ny kaominina Antananarivo renivohitra sy ny prefektioran'ny polisy no hiara-hisalahy amin' ny fanatanterahana izany. Ho jerena bebe kokoa ny lafiny fahadiovanan'ny tanàna, ny fandriampahalemana, ny fifamoivoizana, izany hoe ny fandaminana sy ny fanadiovana ary ny fanatsarana ny tanàna amin'ny ankapobeny… . Tsara ny manamarika fa ny kaominina Antananarivo Renivohitra no nangataka ny hisian'ny fivoriana teny Tsimbazaza ny faran'ny herinandro teo araka ny voalazan'ny sekretera jeneralin'ny tanànan'Antananarivo, RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina, nandritra izany. Raha ny fanazavan'ny Préfet de Police eto Antananarivo Renivohitra, ny jeneraly RAVELONARIVO Angelo Christian dia tsara ny manamarika fa tsy dia ny hahatongavan'ny Papa François ihany no antony hanaovana ny fandaminana, fa ho fanatsaràna sy ho fanomezana endrika ny tanànan'Antananarivo amin'ny ankapobeny mihitsy. Hitohy ha- trany ny hetsika fanadiovana sy ny fanatsaràna ny tanàna eto an-dRenivohitra, fa tsy amin'io fotoana hahatongavan'ny Papa François io ihany. Ka manomboka amin'ity herinandro ity no hampiharina avy hatrany ny fandaminana.

***Isambilo***

TIM BORIBORITANY FAHA 6

## Nikarakara hetsika didimpoitra faobe

Toy ny efa fanao dia tsy ataon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ambaninjavatra ny lafiny sosialin'ny mponina, araka ny toromarika avy amin'ny filoha mpanorina ny antoko dia ny filoha Marc Ravalomanana, satria tena latsaka ao anaty fahantrana tanteraka ankehitriny ny tokantrano Malagasy. Manoloana izany , nanatontosa hetsika aratsosialy didimpoitra maimaimpoana faobe, tao amin'ny Lycée Les Rassignols Ambohimanarina ny antoko Tiako i Madagasikara ao amin'ny boriboritany faha 6 ny sabotsy lasa teo , ka ankizy



lahy kely miisa 30 no nahazo tombony tamin'izany. Izany no tanteraka dia noho ny fiaraha-miasa teo amin'ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny boriborintany faha 6 Todisoa Andriamampandry sy ny mpitantana ny kaominina Antananarivo ao antoerana. Ny tompon-kevitra tamin'ny asa sosialy kosa dia ny biraon' ny DISTIM sy ny TANORA TIM ary ny FOKTIM manerana ny fokontany 32 ao amin'ity boriboritany ity. Ankoatra ny fiantohana ny fandidiana ireo ankizy dia nisy ny fanolorana kilalao mba hampifalifaliana azy ireo. Tsy nijanona tamin'ny fanaovana didimpoitra ihany fa nisy ny fizaham-pahasalamàna maimaimpoana sy fanomezandrà nataon'ireo tanora TIM, izay notarihin'i Lalaina Rabezanahary sady mpanolotsaina ny tanàna tamin'izany .

***Helisoa***

Hopitaly HJRA

## Ampitomboina ny tahan'ny fahalalana ny aretina mijininika rà lava mba hahafahana misoroka azy

Ambony ny tahan'ny fahafatesan'ny olona mararin'ny aretina mijininika rà lava na Hemophilie. Miseho matetika amin' ny alalan' ny fivontosan' ny taova tampoka eny amin'ny vatan'olona ny aretina Hemophilie ary mitarika fahafatesana ny tsy fijanonan'ny fandehanan-drà raha tsy voatsabo ara-potoana ilay olona. Nilaza i Dokotera Rakotoarison Oliva tompon' andraikitra amin'ny fitsaboana ny aretina Hemophilie ao amin'ny Hopitaly HJRA, fa miisa 150 ireo olona fantatra fa mararin'ny aretina mijininika rà lava na Hemophilie eto Madagasikara ary mbola betsaka ny olona marary mbola miriaria amin'izao fotoana izao. Aretina avy any am-




*Ireo tompon'andraikitra misahana ny fitsaboana ny aretina Hemophilie ao amin'ny H.J.R.A*

bohoka miseho amin'ny fandehanan-drà tsy mijanona rehefa misy fahatrana eo amin'ny vatan' ilay olona ny aretina Hemophilie. Ny tsy fisian'ny singa raki-toetra izay afaka mampivaingana ny rà ao anatin'ny vatan'ny olombelona no mahatonga an'izany. Nanamafy ny tompon'andrai- kitry ny fitsaboana ny aretina Hemophilie, fa mila fantarina ireo olona mararin'ny aretina mijininika rà lava, mba hahafahana mandray an-tanana an' izy ireo ary ny fanaovana fitiliana ny rà ihany no fisorohana mahomby ahafahana mandray fepetra mifanaraka amin' izany. Aorian'izay dia ny fampianarana ny olona mararin'ny Hemophilie mba hanatona toerampitsaboana haingana rehefa misy trangana faharatrana no fanabeazana ataon'ny Mpitsabo mba hahafahana mifehy ny tragan'aretina. Lafo dia lafo ny saran'ny fitsaboana an'ity aretina ity, izay mahatratra an-tapitrisany maromaro. Ny fanamaivanana ny vesatra ateraky ny aretina Hemophilie no tanjona ahafahana manatsara ny fianan'ny olona sy mampihena ny tahan'ny fahafatesan'ny olona marary eto Madagasikara. Ny hopitaly H. J.R.A no toeram-pitsaboana ny aretina Hemopihlie miara-miasa amin'ireo Hopitaly any amin'ny faritra miaraka amin'ireo mpiara-mi- ombon'antoka irai-sam- pirenena.

***Franck Razakambelo***

Fikambanana Manda

## Nanolotra fanampiana ho an'ireo sahirana tao Ambohidrapeto

Zanaky ny fianakaviana sahirana, tao amin'ny Fokotany Avaratsena, Kaomina Ambohidrapeto, distrikan' Antananarivo Atsimondrano, no notoloran'ny fikambanana Manda fanampiana, ny sabotsy 17 Aogositra lasa teo. "Indroa isan-taona no manao izao hetsika izao izahay tao anatin'ny telo taona nitsanganan'ny fikambanana, dia ny fidiran'ny mpianatra tahaka izao sy ny fetin'ny Krisimasy", hoy Mamy Brunette, Filohan'ny Fikambanana Manda, tamin'ny nanolotra ireto fanampiana ireto. Fitaovam-pianarana, akanjo, sakafo no omen'izy ireo amin'izany. "Tohina ny fonay mahita an'ireo Ray aman-dreny izay tsy afaka mampianatra ny zanany, ary na afaka mampianatra aza dia tsy mba misakafo ireo zaza ireo", hoy ihany izy. Zaza miisa 100 latsaky ny 10 taona no omena izany. Saika mpanasa lamba, dôkera, irakiraka, resevera no asan'ireo Ray aman-drenin'izy ireo, izay tsy mahasehaka ny fampianaran-janaka ny vola miditra amin'izy ireo. Nambaran'ny Filoham-pokontany, Rakotomanga Pascal Valohery, fa raha 10000 no isan'ny mponina dia ny 75%-n'io no saika sahirana avokoa. Ny fanampiana sy fiaraha-miasa amin'ny fikambanana tahaka izao dia tena ilain'ny mponina tokoa satria ny Fokontany dia tsy manana fidirambola hanampiana azy ireo. Manana tanjona manokana ny fikambanana Manda dia ny mba hahafahana mametraka "Cantine scolaire" ho an'ireto zaza ireto. Mbola olana ihany koa anefa ny tsy fananan'ny Fokontany Epp.

***Helisoa***



*Ny avy amin'ny fikambanana Manda, nanolotra fanampiana teny Ambohidrapeto.*


Hetsika Tagnamaro

## Nanao asa fanadiovana ny polisim-pirenena

Mandray anjara mavitrika hatrany ny Polisim-pirenena amin'ny "Hetsika Tagnamaro". Ankoatra ny fanadiovana ireo sampan-draharaha rehetra eo anivon'ny Polisim-pirenena dia nosafidiana manokana tamin'ity sabotsy teo ny kaomisarian' ny boriboritany faha-enina etsy Ambohimanarina nanaovan' izy ireo an'izay hetsika fanadiovana izay. Nisy araka izany ny fanadiovana sy fandokoana ny ao anatiny sy ivelan'ny kaomisaria, mba ho fanavaozana indray ny fotodrafitr'asa sy ho fanatsarana ny toerana.

***Ny Valosoa***

SARIITATRA : Mpa




### TONONKALO

### NY MPITONDRA SY NY SEHA-PANABEAZANA

Nahena indray ny tetibola ho an`ny seha-panabeazana
Fa tsy dia mitondra soa ho anao mpivaro-tanindrazana ?
Ny anareo mpitondra hatrany no ezahina hatevenina ?
Fantatray vahoaka izany na inianareo hafenina !

Nahena indray ny tetibola ho an`ny seha-panabeazana ?
Dia inoy , vao mainka hitombo ireo karazam-pahavoazana .
Tsy ranitina ny saina ka vao mainka hihadombo.
Tsy hilamina ny tany , ny mpangalatra hitombo !

Nahena indray ny tetibola ho an`ny seha-panabeazana ?
Toa natao an-tsokosoko nefa be no mahatazana .
Lany henatra ary ve sa efa tena tapi-dalana
Ianareo mpitondra ireo fa efa hita ho mamalana !

Nahena indray ny tetibola ho an`ny seha-panabeazana ?
Tombontsoanareo mpitondra ihany ve no hotopazana ?
Dia ahoana ireo tanora sy ny zaza Malagasy ?
Tsy maninona raha bado tsy mahay izay taratasy ?

***DADAN`I ZINA (18-08-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Fanolorana ofisialy ny birao nasionalin'ny RMDM tetsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha ny zoma lasa teo.**











REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
------o0o------

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO
MAIRE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION DES TRANSPORT ET MOBILITE URBAINE

N° : [illegible] CUA/M/SG/DTMU.19

**AVIS D'APPEL A MANIFESTATION D'INTERETS**

**Pour la gestion de l'aire de parking dans l'enceinte de l'ex bambou à Ampefiloha**

1. Etant Capitale de Madagascar, la Commune Urbaine d'Antananarivo s'efforce constamment de maintenir sa réputation en tant que « Ville propre et attractive ». En instaurant une participation inclusive de sa population, elle encourage davantage cette dernière à contribuer au développement de la Ville d'une part, et à améliorer les ressources financières de la municipalité d'autre part.

2. Afin de maintenir l'ordre et la salubrité dans les aires de parking dans la ville d'Antananarivo, La Commune Urbaine d'Antananarivo invite tous les intéressés à présenter leurs candidatures sur la gestion de l'aire de parking dans l'enceinte de l'ex bambou à Ampefiloha pour une durée de deux (2) ans.

   Les termes de référence des documents de consultation du projet peuvent être consultés gratuitement à l'adresse ci-dessous. Les candidats intéressés doivent fournir toutes les informations justifiant qu'ils sont en mesure de gérer l'aire de parking, à savoir :

   - une lettre de manifestation d'intérêt
   - tous les documents exigés dans les termes de référence

3. Les dossiers de manifestation d'intérêts doivent être déposés à l'adresse ci-dessous au plus tard le **09 Septembre 2019** et portant la mention « **MANIFESTATION D'INTERET POUR LA GESTION DE PARKING DANS L'ENCEINTE L'Ex BAMBOU A AMPEFILOHA** »

Adresse :

Commune Urbaine d'Antananarivo
Hôtel de Ville Analakely
GUICHET UNIQUE
Prote 35 – 1[er] étage

Fait à Antananarivo, le 09 AOUT 2019

Landy Harilala

**RESOLUTION POLITIQUE**

Nous, partis politiques réunis, signataires de la présente.

Conformément aux principes fondamentaux de la démocratie et à la constitution de la 4[ème] République :

Nous avons décidé de nous regrouper et de créer une opposition unique et crédible dénommée

« RODOBE NY MPANOHITRA HO AN'DEMOKRASIA ETO MADAGASIKARA » **R.M.D.M**

A) - Nous exigeons l'application stricte et sans failles de la constitution sur le respect des droits de l'opposition.
B) - Nous revendiquons la place prépondérante des partis politiques et de leurs leaders dans l'exercice de la chose politique.
C) – Nous rappelons, que les élus sont des représentants des choix politiques des Partis et que les parlementaires en particulier sont liés pour cette raison par un « Mandat impératif » à leurs Partis respectifs conformément à la constitution.

Et nous accordons à :

1°) – Nous engager à former un front uni des forces vives pour assurer la mise en œuvre de l'alternance démocratique pour l'intérêt du peuple souverain.

2°) – Nous engager à prendre toutes les dispositions nécessaires pour défendre les droits et libertés fondamentaux de la démocratie.

3°) – Nous engager à prendre nos responsabilités pour défendre l'intégrité du territoire de la République ainsi que les biens et richesses du peuple Malagasy.

4°) – Nous engager à oeuvrer pour la « REFONDATION » afin d'instaurer à Madagascar une vraie démocratie, une bonne gouvernance et l'Etat de droit.

*Signée par nous, chef de partis politiques et personnalités politiques*

Antananarivo, le 14 Août 2019

MMV
RPZ
TAFA
KINTANA
VAMI
CFEM
CLE
KMFB
F.M.D.D
PDCM
NATIORA
HVM
FANARE
TEBA
TIM
SOA SAÏNA
César FLM
SOLIDE
MMM
KINTANA